izany dia devoly antsoina hoe Khinzab, ka raha tsapanao izy dia mitadiava fiarovana amin’Allah amin’izany, ary tsofy amin’ny tànanao ankavia intelo

Tatitra azo avy tamin'i Othman bin Abi Al-'Asi (R.A) : Tonga tany amin’ny Mpaminany (S.A.W) izy ary niteny hoe : Ry irak’Allah ô! Noelanelanin'ny Satana amin'ny fivavahako sy ny famakiako aho, nosaromany tamiko izany. Niteny ilay Irak'Allah (S.A.W) hoe : "izany dia devoly antsoina hoe Khinzab, ka raha tsapanao izy dia mitadiava fiarovana amin’Allah amin’izany, ary tsofy amin’ny tànanao ankavia intelo.”, hoy izy : “Dia nataoko izany, ka nesorin’Allah tamiko izy.

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Othman bin Abi Al-'As (R.A), dia tonga tao amin'ny Mpaminany (S.A.W) ary niteny hoe : Ry irak'Allah ô! Ny satana no nanakana ahy tsy hivavaka, sy tsy hankatò an'Allah, ary ny tsy fisian'ny fifatoham-po ao aminy, sy nampisafotofoto ny fanononako ary nahatonga fampisalasalana ho ahy amin' izany. Dia hoy ny irak'Allah taminy : devoly antsoina hoe Khinzab izany, raha hitanao izany ka tsapanao, dia mitadiava fialofana sy fiarovana amin'alalan'Allah aminy, ary tsofy in-telo ny tànanao havia miaraka amin'ny rora kely. Hoy i Othman: Ka dia nanao izay nandidian'ny Mpaminany (S.A.W) ahy aho, ka nesorin'Allah tamiko izy.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/65105